International Institute of Christian Ministries

PeV 104

# FOMBA TSOTRA FAMPIANARANA BAIBOLY ISAM-BATAN'OLONA

Nosoratan'i
Jonathan Kuntaraf,
Tale lefitry ny Departemantan'ny Sekoly Sabata sy ny Asa Fitoriana ao amin'ny
Foibem-pitondrana Eran-tanin'ny Fiangonana Advantista
Mitandrina ny Andro Fahafito
12501 Old Columbia Pike
Silver Spring, Maryland 20904–6600

**FAMPIHARANA TAKIANA TSY MAINTSY ATAO :**

**PEv 104 Mampianatra Baiboly mandritra ny taona.**

FAMPIANARANA BAIBOLY ISAM-BATAN'OLONA

A. Fitadiavana olona liana

1. Ny foto-kevitry ny *Oikos*

   b. Ny teny grika hoe *oikos* dia midika hoe trano, kanefa matetika ny heviny ao amin'ny Baiboly dia hoe "ankohonana" na fianakaviana mivelatra. Izany no foto-kevitra nampitain'i Jesosy ary ampiasaina manerana ny Testamenta Vaovao. Izany fomba fiasa izany no mahomby indrindra eo amin'ny famaboam-panahy.

   c. Ohatra ao amin'ny Baiboly momba ny fomba fiasa *Oikos*

   Nanomboka tamin'i Abrahama, hatramin'i Josefa, ary hatramin'ny andron'ny Testamenta Vaovao, dia nanatona an'Andriamanitra isam-pianakaviana ny olona.

2. *OIKOS* – "Izany no fomba nanorenana ny fiangonana kristiana. Nifidy olona vitsivitsy aloha i Kristy ary niantso azy ireo hanaraka Azy. Avy eo dia niantso ireo fianakaviany sy sakaizany avy izy ireo ka nitaona azy ireo ho eo amin'i Kristy. Toy izany no tokony ho fomba fiasantsika. Tahaka ireo mpianatra dia fanahy vitsivitsy voataona ho eo amin'i Kristy sy miorina ao amin'ny fahamarinana no hiasa ho an'ny hafa." (*Welfare Ministry,* p. 60)

3. Ahoana no fomba fidiran'ny olona ho isan'ny mambran'ny fiangonana kristiana?

   Araka ny fikarohana dia ny tahan'ireo olona miditra ho isan'ny fiangonana no manao izany noho ny fitaoman'ireo namany na fianakaviany dia 75 – 90%. Midika izany fa ny fomba fiasa *Oikos* dia manan-kery hatrany amin'izao vaninandrontsika izao.

4. Fampiharana ny *Oikos*

   Ny *Oikos*-n'i Ron Johnson. Tamin'ny 1974 izy no nanolo-tena ho an'Andriamanitra. Notaominy ho eo amin'ny Tompo ireo havany, i Ken sy Mary Morris, tamin'ny Jolay 1974. Izy ireo indray no nitaona ny rainy sy ny renikeliny, Elmer sy Ann Morris, tamin'ny Martsa 1975. I Elmer kosa nitaona ny anadahiny, Gordon Morris, tamin'ny Septambra 1979, dia toy izany hatrany.

   Tao amin'ny fianakaviana Johnson/Morris dia olona 20 no niditra ho isan'ny fiangonana tao anatin'ny dimy taona.

5. Fomba hamantarana ny *Oikos*

Soraty eo afovoan'ny taratasy iray ny anaranao, avy eo dia asio faribolana manodidina ny anaranao ary soraty manodidina izany ny anaran'ireo namana sy havana (1 hatramin'ny 5) izay mifandray akaiky aminao.

6. Sehatra anananao hery miasa mangina

   Ny fomba iray koa hahafantarana ny *Oikos* dia ny famantarana ny sehatra ananana hery miasa mangina:
   a. Ny fianakaviana
   b. Ireo namana akaiky
   d. Ireo mpiara-miasa
   e. Ireo olona mifanerasera tsindraindray

   Hevero ireo olona mifandray aminao kanefa tsy ao anatin'ny fiangonana. Soraty ny anaran'izy ireo tsirairay, ary zava-dehibe ny hanombohanao mivavaka ho azy ireo sy ny hanomboanao miasa hamonjy ny fanahin'izy ireo.

7. Ireo olona liana izay mamangy na efa namangy ny fiangonana

   a. Ireo mpamangy izay manatrina ny Sekoly Sabata na fandaharana hafa.
   b. Ireo olona izay nahavita fianarana Baiboly tamin'ny alalan'ny taratasy ifandefasana.
   d. Ny ray aman-drenin'ireo ankizy izay nanaraka ny Fianarana Baiboly mandritra ny Fotoam-pialan-tsasatra.
   e. Ireo namana nanatrika fotoam-bavaka
   f. Ireo olona tsy advantsita mianatra ao amin'ny sekoly advantista sy ny ray aman-drenin'izy ireo.
   g. Ireo olona mpamaky tsy tapaka ny boky advantista.
   h. Ireo olona manatrika ny kaonferansa fitoriana ny filazantsara kanefa mbola tsy nanapa-kevitra hanolo-tena ho an'i Jesosy.

B. Sehatra hianarana Baiboly

1. Fomba tsotra
   a. Voaporofo maneran-tany ny fahombiazany
   b. Ny olona rehetra dia afaka mifehy azy ao anatin'ny fotoana fohy
   d. Mianatra tsara sy haingana kokoa ny mpianatra
   e. Mora ny hanofanana ny mpianatra sy hanomezana azy tari-dàlana fianarana Baiboly.

2. Toromarika avy amin'Andriamanitra

   "Ny asa izay asaina ataontsika dia ny Raintsika any an-danitra no nanome azy. Aoka horaisintsika ny Baibolintsika ka handeha hampitandrina izao tontolo izao isika." (*9 Testimonies*, p. 150)

3. Faminanian'i Ellen White

   "An-tapitrisany ireo hitako namangy isan-tokantrano sy nitory ny Tenin'Andriamanitra tamin'ireo. Maro ireo resy lahatra noho ny herin'ny

Fanahy Masina, ary hita niharihary ny vokatry ny fiovam-po marina. Hatraiza hatraiza dia nivoha nidanadana handray ny fitoriana ny fahamarinana ny varavaran'ny isan-tokantrano. Toa nohazavain'ny hery miasa manginan'ny lanitra izao tontolo izao. (*9 Testimonies,* p. 126).

D. Ny fiomanana ilaina
   1. Fanomanana ny fo (ny ohatra nasehon'i Jesosy)
      a. Nialoha ireo toe-javatra goavana teo amin'ny fiainany dia nivavaka i Jesosy mba hangataka tari-dàlana sy hery (Marka 1:35; Lioka 9:18, 28, 29)
      b. Asain'Andriamanitra isika hangataka fahendrena Aminy (Jakoba 1:5; Hebreo 4:16)
      d. Aoka hivavaka ho fangatahana ny tari-dàlana avy amin'ny Fanahy Masina (Jaona 16:13)
      e. "Anaka, atolory ahy ny fonao, Ary aoka ny masonao ho faly mijery ny lalako" (Ohabolana 23:26)
      f. "Fa hahazo hery ianareo amin'ny hilatsahan'ny Fanahy Masina aminareo, ary ho vavolombeloko ... hatramin'ny faran'ny tany" (Asa 1:8)
      g. "ka dia maneke an'Andriamanitra ianareo; ary manohera ny devoly, dia handositra anareo izy. Manatona an'Andriamanitra, dia hanatona anareo Izy." (Jakoba 4:7,8)
      h. "Ny fanahy izay milefitra amin'i Kristy, dia manjary tanàna mimanda ho Azy, izay anjakany eo anivon'izao tontolo izao mikomy Aminy, ary ny kasainy dia tsy hisy fahefana hafa hekena ao afa-tsy ny Azy irery ihany. Ny fanahy izay voatahirin'ny anjelin'ny lanitra ho an'Andriamanitra toy izany dia mahatohitra ny fanafihan'i Satana. Nefa raha tsy manolo-tena tokoa hofehezin'i Kristy isika, dia hotapahin'ilay ratsy." (IFM, 340)
   2. Fanomanana ny fitaovana (ireo fitaovana fototra)
      a. Baiboly (tsara raha misy fizahan-teny)
      b. Tari-dàlana fianarana Baiboly
      c. Horonan-tsary fianarana Baiboly na fitaovana hafa

   3. Fiomanana ara-tsaina
      "Mazotoa manolotra ny tenanao amin'Andriamanitra ho olona voazaha toetra, dia mpiasa tsy mahazo henatra, mizara tsara ny teny fahamarinana." (II Tim. 2:15)

   4. Fikolokoloana ny fahaliananan'ny mpianatra
      a. Fitsidihana tokantrano
         i. "Ahoana no hahatanterak ilay asa lehibe fitoriana ny hafatry ny anjely telo? Tsy maintsy tanterahina amin'ny fomba mivelatra izany, amin'ny alalan'ny ezaka isam-batan'olona mitohy, amin'ny alalan'ny famangiana isan-tokantrano." (Welfary Ministry, p. 97)
         ii. "Misy fianakaviana izay tsy handre mihitsy ny fahamarinana ao amin'ny Soratra Masina raha tsy ny mpanompon'Andriamanitra no mankao an-tokantranony." (Evangelism, p. 435,436)
      a. Ny fomba fiasa ao amin'ny Testamenta Vaovao amin'ny fihazonana ny fahalianan'ny olona

i. “Arakaraka ny anarahana akaiky ny drafitra omen’ny Testamenta Vaovao amin’ny asa fitoriana no hahitana fahombiazana eo amin’ny ezaka atao.” (3 T., p. 210)

ii. Ny fomba fiasan’i Kristy

“Nitety trano ny Mpamonjintsika,

- nanasitrana ny marary,
- nampionona ny malahelo,
- nampahery ny tra-pahoriana,
- nanambara fiadanana ho an’ny kivy,
- nitahy ny zaza,
- nilaza teny fanantenana sy faherezana ho an’ireo reny very hevitra.” (CS, 114)

iii. Ny fomba fiasan’ny fiangonana voalohany:

- Asa 5:42 “Ary tsy nitsahatra nampianatra sy nitory an'i Jesosy ho Kristy isan'andro teo an-kianjan'ny tempoly sy tao an-trano izy.”
- Nitombo – Asa 2:47
- Ny tanana manontolo no nitoriana ny filazantsara – Asa 17:6
- Nanao batisa betsaka – Asa 2:41; 4:4; 5:14
- Niasa tamin’ny toerana mbola tsy nidirana – Asa 8:4
- Paoly: “Nambarako sy nampianariko anareo teo imason’ny olona ary tao amin’ny isan-trano.” (Asa 20:20)

d. Misakaiza amin’ny olona (Ny ohatra nasehon’i Jesosy)

i. Matio 4:14. Nitia ny hafa i Jesosy ary nanampy ny hafa mandrakariva (Mk. 1:41; 6:34)

ii. Afaka nanorina finamanana tamin’ny karazan’olona rehetra i Jesosy (Mt. 9:10; Mk. 2:15)

iii. Naneho fahalianana momba ny olona rehetra nifanerasera taminy izy ary niezaka nanampy azy ireo tamin’ny lafiny ara-panahy (Jn. 3:1,2; 4:7).

e. Misakaiza amin’ny olona rehetra

Raha tiantsika ny hanaton’ny hafa an’i Jesosy dia tsy maintsy manorina finamanana aminy aloha isika (Ohabolana 18:24)

Rehefa mifanena amin’olona isika (eny an-dàlana, eny an-tsena, any ambanivohitra, any amin’ny toeram-pivarotana,...) dia aoka ho maha-te-ho-tia mandrakariva: mitsikia, miresaha amin’ny olona, manontania momba ny fiankaviana, manampia raha ilaina

f. Ampiasao ny irika rehetra ahafahana manampy ny hafa

Maro ireo irika ahafahantsika manolotra fanampiana sy mitaona ho amin’ny fisakaizana:

- Ny aretina
- Ny fahoriana
- Ny mpifanolobodirindrina vaovao
- Ny voafonja
- Ny mpitondratena
- Ny beantitra
- Ny fanorenana trano/fambolena & fiompiana

E. Ireo olona mety ho liana amin'ny fianarana Baiboly
   - Zanaky ny mambra
   - Fianakavian'ny mambra
   - Ireo nahazo diplaoma tamin'ny fianarana Baiboly an-taratasy ifandefasana
   - Olona liana hitan'ny Mpampialy boky
   - Olona liana avy tamin'ny asa fitoriana nataon'ny Sampana fahasalamana
   - Ireo liana ao amin'ny Sampana Sekoly Sabata
   - Mambran'ny Sekoly Sabata tsy mbola mambran'ny fiangonana

F. Torohevitra eo amin'ny fitadiavana olona hianatra Baiboly
   - Mizara trakta isan-karazany
   - Fakana adiresy isan-tokantrano
   - Mandefa karatra fisoratana anarana amin'ny alalan'ny paositra
   - Mampirisika ny mambra hitondra karatra fisoratana anarana mandrakariva mba hozaraina
   - Manoma na tsaratsara kokoa mampindrana boky
   - Mampindrana CD
   - Manao fitsapan-kevitra ara-pivavahana
   - Manao fitsapan-kevitra ara-piaraha-monina

G. Fianarana Baiboly amin'ny Internet
   1. Fampidirana

      Mba hamohazana ny fahalianan'ny mpitsidika dia tokony hametraka fihetseham-po maharitra ny fanambarana atao amin'ny fampidirana. Izany dia mety ho

      a. Tantara fohy
      b. Toe-javatra misongadina eo amin'izao tontolo izao
      d. Lahatsoratra manaitra mampiditra ny lohahevitra
      e. Fanentanana izay hahatonga ny olona ho tsindrian-daona hiditra ao amin'ny votoatin-dresaka

   2. Votoatin-dresaka
      a. Ny votoatin-dresaka dia tokony hanome fahafaham-po ny fahalianana izay nofohazina tao amin'ny fampidirana
      b. Tokony ho mafonja sy manaraka lôjika hatramin'ny voalohany ka hatramin'ny farany
      d. Atolory amim-paharesen-dahatra ny lohahevitra dia omeo fahafahana hiasa ny Fanahy Masina
      e. Andininy tsotra sy mifandray mivantana amin'ny andininy manaraka no aoka hampiasaina
      f. Aoka ho fohy sady mivantana ny resaka
      g. Farano ny lesona dieny mbola tsy ritra ny fahalianana
      h. Andininy 10 – 15 isaky ny lesona dia ampy

   3. Antso na fehiny
      a. Famehezana
      b. Famintinana
      d. Anso
      e. Manatsidika ny lohahevitra manaraka

H. Inona no atao rehefa mampianatra Baiboly
    1. Aoka ho marim-potoana
    2. Aoka hafana fo
    3. Mipetraha amin'ny fitoerana mety
    4. Manao fampidirana fohy
    5. Aoka hazava ny fampianarana atao
    6. Mitenena am-pahendrena

I. Ahoana no hanehoana ny fampianarana Baiboly
    1. Manomboha amin'ny vavaka
        i. Ny vavaka fanombohana dia fohy sady tsotra
        ii. Mampitoera rivotry ny fifankatiavana mialoha ny fampianarana

    2. Manaova fampidirana na asehoy ireo fizaràna lehibe; mitenena miadana sy mazava

    3. Ny fomba fiasa tsara indrindra: fanontaniana dia valiny
        i. Ny fanontaniana tsara apetrakao dia hoe: Ahoana, oviana, aiza, iza, nahoana.
        ii. Ny fampianarana Baiboly dia tsy toriteny
        iii. Asao hamaky ny andininy ao amin'ny Baiboly ny mpianatra

    4. Ankasitraho ny valin-teny marina

    5. Manontania andrao mbola misy valin-teny hafa

    6. Mahaiza mihaino ary mametraha fanontaniana
        i. Ampirisiho ny mpianatra mba handray anjara
        ii. Ampirisiho ny hisian'ny fifanakalozan-kevitra

    7. Manaova fanazavana fohy sy mafonja araka ny androsoan'ny fandalinana; mifikara amin'ny lohahevitra
    8. Aza mampiditra hevitra izay tsy mbola ananan'ny mpianatra fahalalana ampy
    9. Vakio mazava ny andalan-teny tsirairay ao amin'ny Baiboly, ny Tenin'Andriamanitra no eo am-pelatanananao
    10. Raha misy fanontaniana mahakasika ny lesona ho avy, izay mety miteraka adihevitra... dia aza dinganina ny lesona; aoka hazava tsara ny fizarana iray vao miditra amin'ny lohahevitra manaraka

J. Ny fampiasana sary an'ohatra
    1. Ny ohatra ampiasaina dia misarika ho eo amin'ny votoatin-dresaka
    2. Miteraka fahatsapana lalina sy maharitra ao amin'ny fo sy ny saina
    3. Toy ny varavarankely mampiditra rivotra mangatsiatsiaka
    4. Tokony ho fohy
    5. Sorohy ny ohatra natao hampihomehy fotsiny
    6. Fadio ny hatsikana

K. Torohevitra ho amin'ny fahombiazana
    1. Aoka ho vonon-kanakatra izay ao am-pon'ny hafa
    2. Mihainoa
    3. Mampanapaha hevitra matotra ho an'i Kristy mialoha ny hampidirana ireo foto-pinoana sarotsarotra
    4. Mianara fomba fiatrehana fanoherana

5. Aoka hahay mihevitra ny hafa sy halemy paika
6. Aza miady hevitra
7. Aoka ho liana fatratra amin'ilay olona
8. Manehoa fankasitrahana
9. Ekeo izay hevitra azo ekena rehetra
10. Aza sanganehana raha tojo fanontaniana tsy hainao valiana

L. Ireo fahadisoana tokony hosorohana rehefa mampianatra Baiboly
   1. Aza manome fanazavana lalina loatra
      - Mitoera ao amin'ny lohahevitra izay hazavainao
   2. Ny faharetan'ny fampianarana Baiboly: 30 – 40 minitra
      - Aza mijaona ela loatra eo amin'ny toerana rehefa vita ny fampianarana
   3. Isan'ny fanontaniana: toko sy andininy 10 – 15
   4. Aza mitoriteny, aza manao kabary tsy valiana, aza mibedibedy

   a. Aza miady hevitra amin'ny mpihaino anao na oviana na oviana
   b. Aza tezitra
   d. Aza manakiana na maneho tsy fanajana

M. Ny firindran'ireo lohahevitra
   1. Fandrindrana ireo lohahevitra
      a. Ampifanaraho amin'izay ilain'ny mpianatrao ny lohahevitra
      b. Aoka ho i Kristy no ivon'ny lohahevitra. Jesosy sy ny sitrapony no ifantohan'ny fampianarana Baiboly rehetra.
      d. Araho ny dingana fivoaran'ny lohahevitra

   2. Ny fomba tsy mety
      - Ny batisa
      - Ny zava-padiana
      - Ny ampahafolony
      - Ny Sabata
      - Ny fiavian'i Kristy fanindroany

   3. Ny fomba mety
      - Jesosy aloha
      - Avy eo vao ny foto-pinoana

   4. Tolo-kevitra momba ny fandaharana ireo lohahevitra
      - Ny Baiboly dia Tenin'Andriamanitra
      - Ny fiavian'i Kristy fanindroany
      - Ny famantarana ny fiavian'i Kristy fanindroany
      - Ny lanitra sy ny tany vaovao
      - Ny planin'ny famonjena
      - Ahoana no handraisana ny famonjena
      - Ny lalàn'Andriamanitra
      - Ny Sabata
      - Sns.